### SOSIALY SY BAOLINA KITRA

# Nanampy ireo kere any Atsimo ny Barean'i Madagasikara

Mitodika amin'ny lafiny sosialy koa ireo mpilalao baolina kitra ao amin'ny ekipam-pirenena Malagasy amin'ny baolina kitra, na ny Barean'i Madagasikara. Nandray anjara amin'ny hetsika, na opération Kere 2020 izy ireo: ny mpikambana ao amin' ny ekipa nasionaly dia nandray anjara biriky hanohanana ny mponina any atsimon'ny Nosy, izay tratry ny krizy ara-tsakafo amin'izao fotoana izao. Araka ny nambaran'ny mpiandry tsatoby ny Barea Melvin Adrien: "Ny vola dia nangonin'ny trano fisakafoanana Soa6Gasy, izay tompon' andraikitra amin'ny fametrahana ny fanomezan'ny Barea amin'ny fikambanana", Nanentana ny daholobe ihany koa i Melvin handray anjara amin'ity fampiroboroboan'ny firaisankina ity, amin'ny alàlan'ny fifandraisana amin' ny Association Kere, izay nanao ity asa soa any Atsimon'i Madagasikara ity.


Ny sasany amin'ireo ao amin'ny Association kere, nanampy ireo kere any Atsimo.

*Lita*

### Fikambanan'ny Malagasy atsy La Réunion

# Hanorina trano feta miisa 80 any Atsimo

Manoloana ny fahasahiranan'ireo mponina any amin'ny faritra Atsimon'i Madagasikara iny, noho ny haintany sy ny kere ary ny haintrano, hanampy ireo mponina any an-toerana ny fikambanan'ny Malagasy monina atsy amin'ny Nosy La Réunion, avy amin'ny fikambanana Les Indignés de Madagascar sy ny fikambanana Soleil Marmailles. Misy ireo tanàna tratran'ny kere sy ny haintrano any amin'iny faritra iny, noho ny fahasimban'ny tranon'izy ireo, eny am-body hazo ireo mponina no matory amin'ny alina nanomboka tamin' ny tapaky ny volana septambra ka hatramin'izao. Tsy mba hitan'ny filoha Rajoelina akory izany tamin'izy nanao "cinéma" tany Atsimo, hoy ireto Malagasy atsy La Réunion ireto, nefa dia tanàna manamorona ny lalam-pirenena... Saingy izy moa nitaingina helikôptera dia tsy nahita ny tena fahoriam-bahoaka. Noho izany antony izany, nanapak'hevitra ny fikambanana Les Indignés de Madagascar sy ny Association Soleil Marmailles, fa hanampy amin'ny fanorenana trano feta miisa 80, ho an'ireto mponina ireto. Miantso ihany koa izy ireo ny malala-tanana hanampy azy ireo amin' izany ezaka hataony any amin'ny faritra Atsimon'i Madagasikara izany.

*Stefa*


*Ireo mponina, anisan'ny tsy manan-kialofana, any amin'ny tapany Atsimon'i Madagasikara.*

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao mahakasika ny raharaham-pirenena ihany :

olona tsy lany fa NANGALA-BATO VE NO EKENAO HITONDRA? AIZA NY FIRENENA NO TS HO GISITRA LAVA!

-1,2 ny taux de croissance , taiza no nisy an'izan hatrizay naha tany ny tany.

EFA NIAKY NY FILOHA LEFITRY NY CENI, averiko kely mantsy fa mody adinodino , FA DOUBLONS NO NAHALANY NY MPITONDRA AMIN' IZAO,

Ry 13 fo zao mbola mahita lazaina ihany,

-Tsy mila mpamatsy vola hono, zao mangataka lava vao mahazo kely,

-Ampindram-bola an'i Comores hono,

-Zarainy @ faritra hono ny karamandRajoelina,

-Anambotra buiding mora hono,

-Zaraina tany 1ha avy ny tanora,

-Mpandainga sady mpamita-bahoaka ny filoha,

Voahozona ny gasy zay mbola hifidy an'io, raha mbola hahatratra fifidianana ho avy.

*Aina Rafanomezantsoa*
*Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao*

## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ny tenin'i Jehovah dia teny madio, tahaka ny volafotsy voarendrika tao anatin'ny memy ka mitsoriaka amin'ny tany eny, voadio impito."*
***Salamo 12:6***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Filohan'ny HCC, filohana andrim-panjakana mampidi-kizo firenena



**Voahangy Randria :** tena filohana andrim-panjakana mampidi-kizo ny firenena mihitsy ny filohan'ny HCC, Jean Eric Rakotoarisoa, satria mamy ny vola!

**Tojo Ravelonarivo** : ts azo alain-tahaka.

**Frank Ram :** dia mino sy manantena hono izy izany fa dia hitondra ho an'ny filaminana sy fandrosoana izao decision raisiny lava izao, nefa tena mampivarina an-kady ny firenena.

**Rijasoloharilala Raveloson** : tandremo fa mpanabe io an!

**MFlo Rahary Manantsoa :** fantatray tsara fa Professeur izy, fa tsy io ataony io mihintsy no nampianariny , fa diso lalana mintsy izy@ izao ataony izao. fa inona loatra? Samy ho tsarain'ny Tantara éto é!!

**Hari'njaka Fana** : HIPOAKA EO IHANY IO LOHANY IO REHEFA LANY FIKA IZY.

**Veve Nomenjanahary :** lany henatra.

**Rayann Rowan Fitia :** mbola ho tsaraina izy.

**Voniarisoa Riavololomboahangy** : vola daholo ny anton'izany.

**Giostino Ursulla :** misy ny hatao hoe mahalala menatra dia misy ny hira manao hoe tsy mahalala menatra ...

**Elysan Razafindrazaka :** mba iza loatra ary no nametraka an'io teo? Tokony ho efa hesorina any amin'izay io filohan'ny HCC Jean Eric Rakotoarisoa io fa mamarina an-kady firenena.

**Zacharie Rakotoarisoa** : ory loatra ilay kibo niteraka anao andriamatoa!!

**Léonie Ravo :** vola ihany, vola hatrany, maty eritreritra !

**TiNa Ratinarison :** VOARAY NY FANANKIANANAO FA TS MITOMBINA.

**Tahiana Malagasy :** fanetribe ny firenena , tsy mahasoa ny firenena mihitsy raha ataony fa voatamby vola avy @ ireo mpitondra mipetraka eo , décision forcine zany foana dia hoe tsy azo hivalozana , misy farany raha jiaby…

**Iary Malala :** ry azo raisina fa tsy mitombina.

**Lovaniaina Doenherry Andriamalalah :** merci Mr Le Président. Maromaroa ny olon-kendry sy manampahalalana toa anao.

**Charles Rabearison :** ndre mahita azy da mahasosotry, k'az miseho télé fa mahasosotra ny olo maro mahita anao miseho Télé eo.

**Bernard Rasolonjatovo** : MPAMORIKA FIRENENA, NEFA MPAHAY LALANA ANISAN'NY MBA MAHAY IHANY.

**Hanitra Nico Ralantonisainana :** kikisan'ny nenina io filohan'ny HCC io.

**Lalao Anjasoa :** mbola ho avy ny mafy indrindra hahazo an'io, tsy manozona!

**Razeroma Bean :** mahay mandihy io an , nianatra danse de salon mihitsy, efa mahay Jerosalem izy izao.

**Malala Vero** : voalazanao.

**Georges Randriamanana :** ilay taranja ampianariny mihintsy no tena tsy misy ilana azy raha toa ka toy ireny ny fihetsika ataony.

**Zamalahy Mijery Atriky :** olona sarimbavy io.

**Verohanitra Nimaro :** manao jupe. Hihihiiii !

**Harimanga Adrien Andriamilanto** : bögôsy ery izy izany.

**Mamie Rakotomalala :** tsarao aminy endriny fotsiny e!

**Martial Tovonirina :** raha ny Ozona sy ny Ompa no nahafaty dia io no efa lasa razana efa ela be ! Mampanjaka ny tsy fahamarinana eto amin'ny firenena.

**Raharimanana Jean Herique :** ilay fahaizan-dalàna hireharehavana ve dia atao resin'ny vola.

**Razafindrakoto Jean Olivier :** io rangahy io no tena nampitondra mangirifiry ny firenena ohatr'izao, mbola ao koa ry CENI, tsy maintsy ho a vy ny an'ireo.

**Hillary Holiniaina Rajaofetra** : zany mintsy.

**Aza Atao Hitako Fotsiny :** ianareo tsy mila azy fa ny MAPAR- IRK IRMARTGV, sns… mila azy a. Raha tsy nisy an'io manko dia tsy filoha i andradroelina a!

**Artinah Onor Ny Ala** : oul marikivy lava otran mihinamboamadilo foana zany ty izy, tsy milamin-tsaina.

**Orlando Rakoto :** f'anga moa izy tsy nanao fihanianana e ?

**Lety Rabeary :** aleoko zany dia ts miteny tsony.

**Andriamora Babah Rakotoarinelina :** izany mihitsy no fanafody, aleo tsy miteny!

**Rasoanandrasana Erline** : za mbo gaga!!!!

**Nehemia Rakotoarivony** : mahantra.ny.taranaka.fara.mandimby.

feno.hozona.alahelo..fahoriana.tsy.mis y.masoandro mihiratra.intsony.ny.androny..

**Rem's Andriamiadamanana :** tena râ otran'itony ny manmpahaizana mahamenatra.

**Roland Dinho Gift :** nefa t@ izy mbola tsy tao , tena hoe zavatra.

**Rayan Ramino :** efa voky be!